Sce PV
CRA n° 55
56

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

REPOBLIKA FAHAEFATRA

FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2025

---

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

# FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-55

**FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAM-PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA MANOMBOKA NY ALATSINAINY 3 NOVAMBRA 2025 KA HATRAMIN'NY ALAKAMISY 13 NOVAMBRA 2025**

Fivoriana Fahaefatra
Natao ny
Talata 4 Novambra 2025
- Tolak'andro -

# FIVORIAMBE

**FILOHA:** Andriamatoa TSARADIA Marco

**MPITANTSORATRA:** - Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
- Ramatoa RAHARIMANARIVO Voahanginiaina Berthine

**FOTOANA:** Talata 4 Novambra 2025, tamin'ny 3 ora sy 20 minitra, tolak'andro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alatsinainy 3 Novambra 2025 ka hatramin'ny Alakamisy 13 Novambra 2025.

Nitohy ny Talata 4 Novambra 2025, tamin'ny 3 ora sy 20 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa TSARADIA Marco, Filoha Lefitra misahana ny Faritanin'i Toliara no nitarika izany.

Talohan'ny nanombohan'ny fivoriana, nanambara Andriamatoa Mpitarika fivoriana fa misy taratasy nalefan'ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRMAR sy ny mpikambana ao aminy tamin'ny 30 Oktobra 2025 navantana tany amin'ny Filohan'ny Antenimierampirenena; izay novalin'ity farany tamin'ny taratasy laharana faha-020-AN/P/2025 tamin'ny 30 Oktobra 2025.

Manambara izany taratasy izany fa mijoro amin'ny fomba ofisialy ho mpanohitra eto amin'ny Antenimierampirenena ny Vondrona Parlemantera IRMAR. Noho izany, manendry an' Andriamatoa MILAVONJY Andriasy Philobert, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambovombe ho lehiben'ny fanoherana ary mandray ny toeran'ny Filoha Lefitra Fahafito araka ny andininy fahaenina vaovao ao amin'ny lalàna laharana faha-2021-006 tamin'ny 30 Jona 2021 mikasika ny Sata mifehy ny Fanoherana sy ny Antoko mpanohitra ary ny andininy faha-16-n'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay, niarahaba ny mpivory sy niangavy azy Andriamatoa Mpitarika fivoriana, mba hiroso eny anoloana ary nanome fitenenana azy, ka toy izao no teny nataony:

Mijoro eto ny tenako amin'ny maha Filoha Lefitra Fahafito ahy ato amin'ny Antenimierampirenena.
Misaotra ny Vondrona Parlemantera IRMAR nametraka fitokisana amiko hitarika ny fanoherana ato amin'ity Andrimpanjakana ity sy ny any ivelan'izany koa.
Ny antony dia mahatsapa izahay fa tamin'ny alàlan'ny fifidianana no nahatonga an'Andriamatoa Andry RAJOELINA izay notohanan'ny vovonana IRMAR nitondra ity tany ity ka nahalany azy ho Filohampirenena.

Repoblikana isika, ka heverinay fa amin'ny alàlan'ny fifidianana irery ihany no tokony hisian'ny fifandimbiasam-pahefana eto amin'ny tany sy ny firenena.
Raha sanatria tsy misy fifidianana dia misy lalàna voalazan'ny Lalàmpanorenana ahafahana manaisotra ny Filohampirenena amperin'asa dia ny fahefana nomena antsika Solombavambahoaka izay fahefana hirosoana amin'ny "dechéance". Niditra tamin'izany isika kanefa niarahana nahita fa tsy nankatoavin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana izany.

Manarak'izay, raha hanova Filohampirenena dia ny Filoha amperin'asa Andry RAJOELINA no mametra-pialana kanefa tsy nanao izany ny tenany.
Noho izany rehetra izany no ijoroanay sy ilazanay fa tsy manaraka ny Lalàmpanorenana misy eto amin'ny Repolikan'i Madagasikara ny fisian'ny fahefana mijoro amin'izao fotoana izao, ka mahatonga anay mitsangana ao anatin'ny ara-dalàna amin'ny fomba fijerinay ny raharaham-pirenena.

Teo anatrehan'izay anefa, namoaka didy tsy azo ivalozana ny HCC nametraka ny Filohan'ny fanjakana ho an'ny fanavaozana amin'izao fotoana izao. Manaja ny didy navoakan'ny HCC izahay ary manaiky ny fijoroan'io fanjakana misy ankehitriny io. Ao anatin'izay no tsy anekenay ny fomba itondrana ny firenena fa tokony haverina amin'ny ara-dalàna sy mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana ny zavatra misy eto amintsika.
Nametraka anefa ny fanjakana mijoro amin'izao amin'ny tokony hirosoana amin'ny fifampiresahana na ny "concertation nationale" izay hotarihan'ny FFKM izahay vondrona IRMAR ao anatin'ny fanoherana. Mampirisika sy vonona handray anjara mavitrika amin'izany izahay mba hiverenantsika amin'ny ara-dalàna sy mba hisian'ny marimaritra iraisana eto amin'ny firenena. Ny antony, tsy hisy hahazo tombony amin'ny korontana fa ny vahoaka no hosahirana raha sanatria misy izany.

Farany, manao antso avo izahay fa tokony hatsahatra ny tsy fanarahan-dalàna amin'ny fisavana sy fanenjehana ary ny fandrobana ataon'ny sasany. Maro koa ny Ben'ny Tanàna iharan'ny antsonjay amin'ny alàlan'ny filaharana ataon'ny olom-bitsy hanalana ny olom-boafidy amin'ny toerany. Tsy ekena izany ary tsy tokony hatao an'izay ny fitondrana ny firenena, fa aoka hapetraka ny fifampitokisana amin'ny olona nomena andraikitra. Izany hoe, amin'ny alàlan'ny fifampiresahana no andraisana fanapahan-kevitra eto amintsika mba hisian'ny filaminana ka hiverenana amin'ny fifidianana.

Rehefa izany, nirary azy hahatontosa ny andraikitra sahaniny, Andriamatoa Mpitarika fivoriana sady nisaotra azy ihany koa tamin'ny teny nataony.

Taorian'izay, niangavy ny Mpitantsoratra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, mba hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Ramatoa RAHARIMANARIVO Voahanginiaina Berthine.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny nanatontosany ny fiantsoana anarana, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Taorian'izay, niangavy ny Mpitantsoratra indray ny tenany mba hamaky ny tatitry ny Diniky ny Filoha.

Mbola Ramatoa RAHARIMANARIVO Voahanginiaina Berthine ihany no nanatontosa izany, ka toy izao no fivakiny:

FAMINTINANA NY FIVORIAN'NY "CONFERENCE DES PRESIDENTS" NATAO NY TALATA 4 NOVAMBRA 2025

Nivory ny Talata 4 Novambra 2025, nanomboka tamin'ny 10 ora, maraina, ny «Conférence des Présidents».

Andriamatoa TSARADIA Marco, Filohan'ny Antenimierampirenena mpisolo toerana no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny "Conférence des Présidents" sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany (cf fiche de présence).

Fiarahabana ireo mpivory rehetra tonga nanatrika izao fivoriana izao no nanombohan'Andriamatoa Filoha mpitarika ny fitenenana.

Nohazavainy avy eo ny Volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Alatsinainy 3 Novambra 2025, tamin'ny 10 ora, maraina.

Taorian'izay dia niroso avy hatrany tamin'ny adihevitra ny mpivory ka nisy fanitsiana nentina tamin'izany.

Nolanian'ny « Conférences des Présidents » avy eo ny volavolam-pandaharam-potoana manomboka ny Alatsinainy 3 Novambra 2025 ka hatramin'ny Alakamisy 13 Novambra 2025 ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

(Jereo ny tovana)

**ORDRE DU JOUR**

pour la période du **Lundi 03 novembre 2025** au **Jeudi 13 novembre 2025**

**LUNDI 03 NOVEMBRE 2025**

10H 30 : Réunion des membres du Bureau Permanent - *(Salle BP)*

**MARDI 04 NOVEMBRE 2025**

10H 00 : Conférence des Présidents - (*Salle B.P)*

15H 00 : SEANCE PLENIERE - (*Salle des Séances)*

Adoption de l'Ordre du jour

**Lecture individuelle du Projet de loi N°015/2025 du 29 Octobre 2025 portant Loi de Finances pour 2026**

**MERCREDI 05 NOVEMBRE 2025**

10H 00 : COMMISSION PLENIERE **- (*Salle des séances)***

**Séance d'information: Enjeux de la cybercriminalité et mise en place d'une souveraineté numérique à Madagascar par le Ministère de la Sécurité Publique**

15H00 : TRAVAUX DES COMMISSIONS **- (*Sallé BP)***

- **Commission du Commerce - (***Saisie au fond)*
- **Commission de la Santé Publique et du Planning Familial -** *(Saisie pour avis)*
- **Commission Juridique** - *(Saisie pour avis)*

**(2ème LECTURE**) - Proposition de loi sur la production et la commercialisation du toaka gasy sur le territoire national Malagasy, présentée par le Député ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges, élu dans le District d'Ambositra

**JEUDI 06 NOVEMBRE 2025**

14H 00 : Rencontre avec les Ministères en charge de l'Ordre et de la Sécurité Publique (Ministère de Forces Armées - Minisitère de la Sécurité Publique - Minisitère Délégué de la Gendarmerie Nationale) - **Salle des Séances**

**LUNDI 10 NOVEMBRE 2025**

9H 00 : Rencontre avec le Ministre de l'Agriculture et de l'Elevage - **(*Salle des séances)***

10H 00 : Audition des Opérateurs économiques en matière d'énergie - (***Salle BP)***

11H 00 : Audition du Syndicat de la JIRAMA - (***Salle des séances)***

15H 00 : COMMISSION PLENIERE - **Salle des Séances**

Audition des groupements des entreprises (GEM, FIVMPAMA, SIM) sur le Projet de Loi n°015/2025 du 29 OCTOBRE 2025 portant Loi de Finances pour 2026

**MARDI 11 NOVEMBRE 2025 et MERCREDI 12 NOVEMBRE 2025**

09H 00 et 15H00 : **Atelier d'échange technique avec les Commissions Parlementaires sur les secteurs sociaux, organisé conjointement avec l'UNICEF Madagascar.** - (*Salle BP)*

**- Mardi 11 Novembre 2025 (Matin) : - Commission de l'Eau, de l'Assainissement et de l'Hygiène**
**- Commission Économie et Finances**

**- Mardi 11 Novembre 2025 (Après-midi) : - Commission Education Nationale**
**- Commission Économie et Finances**
**- Mercredi 12 Novembre 2025 (Matin) : - Commission de la Santé publique et du Planning Familial**
**- Commission Économie et Finances**

**- Mercredi 12 Novembre 2025 (Après-midi) : - Commission de la Population et de la Solidarité/Commission de la Sécurité Publique**
**- Commission Économie et Finances**

**JEUDI 13 NOVEMBRE 2025**

10H 00 : Réunion des membres du Bureau Permanent - *(Salle BP)*

**TOVANA**

**MEMBRES DU BUREAU PERMANENT**

| N° d'ordre | NOMS ET PRENOMS | FONCTION |
|---|---|---|
| 01 | RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimialona Andriatsivoafetra | Vice-Président |
| 02 | ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa | Vice-Président |
| 03 | TSARADIA Marco | Vice-Président |
| 04 | RAZARA Piere Ravolaza Fidéle | Vice-Président |
| 05 | MILAVONJY Andriasy Philobert | Vice-Président |
| 06 | RANDRIAMASINORO Tahiry Ny Rina | Premier Questeur |

**PRESIDENTS DES COMMISSIONS**

| N° d'ordre | Commissions | Noms & Prénoms |
|---|---|---|
| **01** | Commission de la Défense Nationale | **IMBIKY Herilaza** |
| **02** | Commission de la Décentralisation et Aménagement du Territoire | **RAJOELINA A. Seth** |
| **03** | Commission de la Sécurité Publique | **NAKANY Charly Zafimagnely** |
| **04** | Commission de l'Agriculture et de l'Elevage | **RAZAFINDRABARY Richard** |
| **05** | Commission de l'Education Nationale | **ANDRIANASOLO Andrianiaina Jean Patrick** |
| **06** | Commission de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle | **RANDRIANANTENAINA Olivier Anthony José** |
| **07** | Commission de la Santé Publique et du Planning Familial | **Dr RAJAOBELINA Lova Herizo** |
| **08** | Commission de l'Energie et de l'Hydrocarbures et de l'Electrification Rurale et des Ménages | **ROCHELIN Houssen** |
| **09** | Commission des Travaux Publics | **TSITARA Rojers Osman** |
| **10** | Commission des Transports et de la Météorologie | **RAZAFITSIALA Velomanana Solomampionona** |
| **11** | Commission du Travail, de l'Emploi et de la Fonction Publique | **ANDRIANIRINA Narcis** |
| **12** | Commission de l'Eau, de l'Assainissement et de l'Hygiène | **SAORY Christian** |
| **13** | Commission des Nouvelles Villes et de l'Habitat et de l'Aménagement du Territoire | **RADAFINDRANARO Andriamanga Rijaniaina** |

**Représentants du Gouvernement**

- RAJAONESY David, Directeur des Etudes - Primature
- ANITTA Léonce, SRI Primature

Taorian'izay, niroso tamin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory.

Rehefa nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana fitenenana, Andriamatoa RAKOTONIAINA Pety, nomarihany fa misy fandaharam-potoam-panjakana ny Zoma 7 Novambra 2025 any Fianarantsoa kanefa amin'io fotoana io, amin'ny 9 ora, maraina, ato amin'ny Antenimierampirenena ahitana fandaharam-potoana hoe : «rencontre avec le Ministre de l'Agriculture et de l'Elevage» ary amin'ny 11 ora, atoandro kosa, mbola misy « Audition du Syndicat de la JIRAMA». Noho izany, nangatahany raha azo atao mba haroso ny Alakamisy 6 Novambra 2025 ireo fandaharam-potoana ireo ary raha tsy tratra amin'io daty io dia mba hatao amin'ny fotoana manaraka.

Manarak'izay, nambarany koa fa ny « Loi de Finances » izay hodiniha dia taorian'ny krizy no nanaovana azy, ka tokony hisy fihaonana amin'ny «syndicats» isan-karazany amin'ny fitarainana ataon'izy ireo mba hahafahana mamaha ny olana iainany.

Nambaran'Andriamatoa ANDRIAMOSA Benjamina Avotraina, fa tamin'ny famindram-pitantanana tamin'ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola teo aloha sy ny vaovao, efa vita ny «Loi de Finances pour 2026» ka raha hisy fanamboarana sy fanovàna tiana hoentina dia azo atao any amin'ny volana Martsa 2026 izany raha ny fijery azy.

Raha nomena fitenenana kosa, Andriamatoa RAJOELINA Andriam-harimanana Seth, mbola nanamafy ny tokony hanemorana ny fandaharam-potoana hatao ny Zoma 7 Novambra 2025, ny tenany araka ny voalazan'ny namany teo aloha.

Nanao satroka, Andriamatoa NAKANY Charly Zafimagnely ary nanambara fa tokony hantsoina ny Minisitry ny Fitsarana mba hifanatrika amin'ny Solombavambahoaka hiresahana ny olana misy eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa DINAH Romual, nanambara fa tokony hafainganina ny fihaonana amin'ireo tomponandraikitra ao amin'ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola mba ahafahana mametraka fanontaniana mikasika ity «loi de finances» taona 2026 ity.
Ny fiantsoana azy ireo dia tsy midika hoe manaiky izay voasoratra saingy ilaina ny fanehoan-kevitra mba ahafahana manatanteraka ny zavatra tokony hatao. Sarotra ny nanatontosana ny «loi de finances» ka mila fandinihana ela mba hampirindra ny zavatra kasaina hatao rehetra mba hahalavorary izany. Tsy ny « syndicats » no hibaiko ny mpanao lalàna ka sao ho diso fihevitra ny vahoaka hoe lasa mpanatanteraka indray ny Solombavambahoaka. Noho izany, aleo mifampihaino ny rehetra mba hahatratrarana ny tanjona iraisana.

Andriamatoa RAKOTONIAINA Pety kosa raha niverina nandray fitenenana, nanambara fa raha amin'ny volana Martsa 2026 vao hatao ny «loi de finances rectificative», midika ve izany fa tsy hisy adihevitra hatao momba ny «loi de finances initiale» intsony. Nohamafisiny fa tsy mety izany satria ny olona dia mijery sy mandinika ny asa ataon'ny Solombavambahoaka. Aleo hainoina ny fitarainan'ny olona ; noho izany, tokony tsy hiandry amin'ny volana Martsa izany ny «loi de finances rectificative».

Rehefa nomena fitenenana, Andriamatoa ANDRIANARY Thierry Didier, nanambara fa amin'izao fivoriana izao ny Solombavambahoaka vao nahazo mialoha ny «loi de finances», ka azo atao ny mamaky sy mandinika izany dieny malalaka ny fotoana.
Nangatahany mba tsy ho roa na telo andro fotsiny no handinihana izany ato amin'ny fivoriambe fa hanokanana andro maromaro. Amin'izay fotoana izay, afaka manatrika ny adihevitra ny rehetra. Nomarihany koa fa any amin'ny asam-baomiera, mahazo maneho hevitra ny Solombavambahoaka na tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera aza. Eo anatrehan'izany, azo atao ny mitondra fanitsiana sy fanovàna saingy tsy azony atao kosa ny mifidy. Aleo henoina ny fitarainan'ny vahoaka, ka raha mety ny handrosoana izany any amin'ny asam-baomiera dia hampidirina ny fangatahany.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa OLIVIER Rabeamina, nanontany ny fandaharan'asa mikasika ny fitantanam-bolam-pajakana satria izany no hiantoka ny filaminana amin'izao savorovoro misy izao.
Nangataka ny tenany amin'ny hitondrana ny fandaharan'asa na ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana hotanterahan'ny Governemanta eto amin'ny Antenimierampirenena mba hahafantarana marina izay raiketiny. Tahaka izany, niangaviany koa ny « syndicats » handalo eto amin'ny Lapan'i Tsimbazaza mba ahafahana mamaly ny hetahetan'izy ireo.

Andriamatoa SAORY Christian, kosa nangataka ny hisian'ny fihaonana amin'ny Minisitry ny Fitsarana alohan'ny handinihana ity «loi de finances pour 2026» ity.
Nangatahany koa ny hampiakarana ny tetibolan'ny Minisiteran'ny Rano sy ny Angovo ao amin'ny «loi de finances » fa izay no mety ho antony nahatonga ny olona nitokona teny amin'ny kianjan'ny 13 May ireny.

Nanamarika, Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa, raha nomena fitenenana fa misy taratasy fitakiana nataon'ny «syndicats»-n'ny mpampianatra tonga ato amin'ny Antenimierampirenena mangataka ny hijerena vahaolana amin'izao tsy fianaran'ny mpianatra izao.
Nambarany koa fa manana adidy sy andraikitra momba ny fanabeazana eto amin'ny firenena ny Solombavambahoaka ka tokony hijery manokana mikasika izany.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa mbola 10 andro ihany ity fandaharam-potoana handraisana fanapahan-kevitra androany ity. Nomarihany fa manana 60 andro hanaovana izay zavatra rehetra tiana hodinihana anefa ny Solombavambahoaka.

Nanamarika kosa, Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Patrice, fa tsy misy «loi de finances» mandeha alohan'ny fampahafantarana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana hatramin'izay. Noho izany, tsy tokony hivaona amin'ny fandaharam-potoana holaniana ny resaka atao eto.

Nanamafy kosa Andriamatoa ANDRIAMIHARIVOLAMENA Liva Zavamanitra, fa ho fanatsarana ny asa atao eto amin'ny Antenimierampirenena, tokony ho ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana aloha hatao ao anaty fandaharam-potoana izay vao mandinika ny «loi de finances» ny Solombavambahoaka.
Nangataka toy ny namany teo aloha koa ny tenany ny hiantsoana ny Minisitry ny Angovo sy ny Rano ho tonga eto Tsimbazaza mba hifampidinika aminy satria tsapa fa tena ambany loatra ny tetibola natokana ho azy.

Nomarihany fa misy tsy mety ity fandaharam-potoana ity ka aoka tsy handingana fa hanaraka ny rafitra efa nisy teo aloha.

Rehefa nomena fitenenana kosa, Andriamatoa ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges, nanamarika fa tsy mbola tafiditra ao anatin'ny fandaharam-potoana ny handinihana amin'ny fivoriambe ny Tolo-dalàna natolony.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa rehefa nivory ny Birao Maharitra, nahatsapa fa tokony ho ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana no mandeha aloha izay vao mandinika ny «loi de finances» ny Solombavambahoaka.

Efa tonga ny boky mirakitra izany ka aoka samy hamaky sy handinika azy ny rehetra mba ahafahana miomana amin'ny tokony hatao aorian'ny fandinihana an'izany.
Nomarihany fa mahazo mametraka fanontaniana mikasika ny fiandrasana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana ny Solombavambahoaka any amin'ny asam-baomiera mikasika ny "loi de finances".

Andriamatoa RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Johnny kosa rehefa nomena fitenenana, nanambara fa tokony haroso ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny fandaharam-potoana fa lasa mandeha ny fotoana.

Andriamatoa ANDRIANAMBENANA Velomihoatra Tsimanositra Painchard kosa nanamafy fa tokony ho ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana no aroso mialohan'ny handinihana ny «loi de finances». Ny antony, zavatra efa lany daty no lasa hanariana fotoana kanefa mety ho lany ihany io «loi de finances» io.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana fa ny lalàna no mametra izao fivoriana ara-potoana faharoa izao. Manana 30 andro ihany koa ny Governemanta hanolorany izany Politika Ankapoben'ny Fanjakana izany aorian'ny nahavoatendry ny Praiminisitra. Izany hoe, mbola misy fotoana malalaka azony anaovana izany fanolorana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana izany eto anatrehan'ny Solombavambahoaka.

Andriamatoa RAKOTONIAINA Pety kosa raha mbola nomena fitenenana, nanambara fa raha nohenoina ny tenin'ny namana teo, misy hadino ny zavatra tokony ho nampidirina tao anaty fandaharam-potoana natao. Nangataka ny tenany mba hampidirina ao anatin'izany ny Minisiteran'ny Fanabezam-pirenena sy ny Minisiteran'ny Angovo sy ny Rano.

Raha nomena fitenenana kosa Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle, nangataka ny tenany fa aorian'ny fanolorana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana dia tokony hisy adihevitra atao satria lasa mpihaino ny fandaharan'asa fotsiny ny Solombavambahoaka.

Namaranany ny teniny ny fanentanana ny Solombavambahoaka mba handany ny fandaharam-potoana novolavolain'ny Diniky ny Filoha.

Nanao satroka Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Patrice ary nanambara fa mandeha ny fotoana ka aoka haroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny fandaharam-potoana ny mpivory.

Rehefa nandray fitenenana, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, nambarany fa araka ny fangatahana nataon'ny Solombavambahoaka avy any amin'ny Faritanin'i Fianarantsoa mikasika ny hanemorana ny fivoriana tokony hatao ny Zoma 7 Novambra 2025 dia handraisana fanapahan-kevitra ny mikasika izany.

Raha niverina nandray fitenenana, Andriamatoa RAKOTONIAINA Pety, nangataka ny handrosoana amin'ny Alakamisy 6 Novambra 2025 ny fandaharam-potoana izay tokony hotanterahina ny Zoma 7 Novambra 2025 indray ny tenany.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa malalaka ny andron'ny Alatsinainy 10 Novambra 2025 sy ny Alarobia 12 Novambra 2025 ka azo atao amin'ireo andro ireo ny fivoriana tokony hatao amin'ny daty voalazan'Andriamatoa Solombavambahoaka teo.

Nanambara koa Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Patrice tamin'ny fandraisam-pitenenana nataony fa malalaka ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena ny Alatsinainy 10 Novambra 2025 ka tokony ahemotra amin'io ny fotoana kasaina hotanterahina ny Zoma 7 Novambra 2025.

Rehefa nomena fitenenana indray Andriamatoa ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges, nanambara fa raha hatao amin'ny Alatsinainy izany, nangataka koa ny tenany mba hampidirina amin'io andro io koa ny Tolo-dalàna momba ny toaka gasy natolony.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny hanisahana ny fandaharam-potoana ny Zoma 7 Novambra 2025 ho amin'ny Alatsinainy 10 Novambra 2025 ny mpivory.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 28 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny-

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa ahemotra amin'ny Alatsinainy 10 Novambra 2025 ny fandaharam-potoana tokony hatao ny Zoma 7 Novambra 2025.
Taorian'izay, nisy Solombavambahoaka nanao satroka ka nomena fitenenana.

Tamin'ny satroka nataon'Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa no nanambarany fa nisy Tolo-dalàna natolony izay tokony hodinihana ka anjaran'ny Solombavambahoaka no mamadika izany ho lalàna amin'ny fotoana mahamety azy.

Rehefa izany, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory.
Nomarihany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 37 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany nasiam-panitsina sy fanovàna ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alatsinainy 3 Novambra 2025 ka hatramin'ny Alakamisy 13 Novambra 2025.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana dia nisy Solombavambahoaka nanao satroka ka nomena fitenenana.

Tamin'ny satroka nataon'Andriamatoa RAKOTONIAINA Pety no nangatahany ny Solombavambahoaka mba hijanona rehefa vita izao fivoriana izao.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa mila tsangan-tànana ny handaniana na tsia izany fangatahana izany.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 37 no nandany; iray no nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa mijanona isika rehefa mifarana izao fivoriana izao ka ao amin'ny «salle B.P» no hanaovana izany.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka Andriamatoa Mpitarika fivoriana, ka ny Alarobia 5 Novambra 2025, amin'ny 10 ora, maraina dia hisy ny «commission plénière» hatao ato amin'ny «Salle des Séances», hiarahana amin'ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka.

Amin'ny 3 ora, tolak'andro, kosa hisy ny asam-baomiera hatao ao amin'ny «salle BP» handinihana fanindroany ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2025/PL mikasika ny famokarana sy fivarotana toaka gasy eto amin'ny firenena Malagasy, natolotr'Andriamatoa ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambositra.
Ireto avy ny vaomiera voakasika amin'izany: ny Vaomieran'ny Varotra, Vaomieran'ny Fahasalam-bahoaka sy ny Fandrindram-piterahana ary ny Vaomieran'ny Lalàna.

Niato tamin'ny 4 ora sy 55 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

**NY FILOHA**

**RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry**